# “Ireto vavaka roa ireto dia mavesatra indrindra ho an’ny mpihatsaravelatsihy, ary raha fantatrareo ny ao anatiny dia ho nanao izany ianareo na dia nandady

Tatitra azo avy tamin'i Obai bin Ka'abi (R.A) niteny izy : Nitarika anay tamin’ny vavaka swalat ny irak’Allah (S.A.W) indray maraina ka niteny manao hoe : “Niatrika ve i ranona?” Hoy izy ireo : Tsia. Dia hoy izy : “Niatriaka ve i ranona?” Hoy izy ireo : Tsia. Dia hoy izy (S.A.W) : “Ireto vavaka roa ireto dia mavesatra indrindra ho an’ny mpihatsaravelatsihy, ary raha fantatrareo ny ao anatiny dia ho nanao izany ianareo na dia nandady, Ny laharana voalohany dia toy ny laharan'ny anjely, ary raha fantatrareo ny hasarobidin'izany, dia ho nirohotra ho amin'izany ianareo, ary ny vavaky ny olona miaraka amin'ny olon-kafa dia tsara noho ny fivavahany irery, ary ny fivavahany miaraka amin'ny olona roa dia tsara noho ny azy miara-mivavaka amin’ny olon-kafa, ary isaky ny maro dia tian’I Allah kokoa.”
[Mari-pototra]

Indray andro dia nivavaka Fajr ny Mpaminany (S.A.W), avy eo dia nanontany hoe : Manatrika izao vavaka ataontsika izao ve i ranona? Hoy ireo mpanara_dia: Tsia. Dia hoy izy : Tonga ve i ranona? nanontany olona hafa, Hoy izy ireo : Tsia. Niteny ny Mpaminany (S.A.W) : Ny vavaka fajri sy ny isha no vavaka mavesatra indrindra ho an'ny mpihatsaravelatsihy. Satria anjakan'ny hakamoana ny amin'izy roa io, ary ny mahakely ny hisehoan'ny fireharehana aminy, satria tsy hita ao anatin'ny haizina. Raha mba fantatrareo ry mpino ny valisoa sy ny tombotsoa fanampiny amin’ny vavaka fajr sy isha – satria mifandanja amin’ny fahasahiranana ny valisoa – dia ho niezaka nanao izany ianareo na dia nandady na nandeha tamin’ny tanana sy ny lohalika aza. Ny laharana voalohany amin'ny maha-akaiky azy amin'ny Imam dia toy ny laharan'ny anjely eo amin'ny fanakakaizany amin'I Allah Ilay Tsitoha, ary raha fantatry ny mpino ny maha zava-dehibe ny laharana voalohany dia nifaninana ho amin'izany izy ireo. Ny vavaka ataon'ny lehilahy iray miaraka amin’ny olon-kafa dia lehibe kokoa ny valisoa sy ny vokany noho ny fivavahany irery, ary ny fivavahany miaraka amin’ny olona roa dia tsara kokoa noho ny miaraka amin’ny olona iray. Ny vavaka izay misy mpivavaka maro dia tian’I Allah kokoa no sady tena tsara.